20 Jona 1993 – 19 Jona 2016

« Mankalazà an’i Jehovah, ry olona masina, ka miderà ny Anarany masina »
Salamo 30:4

Amin’ny alalan’izany Tenin’Andriamanitra izany no entin’ny FLM Paris mankalaza ny nahatratrarany ny faha 23 taona niorenany.
Voalohany dia ny fisaorana an’Andriamanitra izay nanorina ary nahatantateraka ny fitsanganan’ ny FLM taty Frantsa ary ankehitriny efa mivelatra eto Eoropa.
Amin’izany dia feno fankazalana sy fiderana an’Andriamanitra ny FLM Paris, fa noho ny fahasoavany no mbola hijoroany sy hitomboany ary hivelarany.
Izy anie hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra hatrany ny Fiangonana Loterana Malagasy Paris sy ny fitomboana eran’ny Eoropa ho tena fanaka ho fitorian’ny Filazantsaran’i Jesosy Kristy.
Voninahitra ho an’Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ary ny Fiadanana kosa ho an’ny mpianakavin’ny finoana.
Pastora Edmond Raharijaonarivelo sy ny komity FLM Paris